


TORITENY - FIAKARAN'NY TOMPO - TAONA A



Nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany.

Ry Kristianina havana, faly sy ravo isika mianakavy amin'izao andro ankalazantsika ny fiakaran'ny Tompo izao satria nisy havantsika tafita. Rehefa misy havantsika tafita na eo amin'ny fanadinana na eo amin'ny fiainana dia mifampiarahaba isika. Ka androany isika olo araiky mifampiarahaba satria tafita i Jesoa lohan'ny Eglizy ary isika no Eglizy fianakaviamben'Andriamantira. Niakatra any an-danitra i Jesoa, any izany ny toerantsika rehetra. Efapolo andro izao no nampianaran'i Jesoa fa mpiara-belona amintsika izy, niaraka namakivaky ny hafalian'ny Paka taminy isika ary mbola samy faly noho izany. Raha tadidintsika tsara tamin'ny vanim-potoan'ny karemy, rehefa tonga ny

Alahadin'ny sampankazo dia nolazaintsika fa miaraka miakatra amin'i Jesoa isika ho an'ny Jerosalema ilay tanànan'ny fiadanana sy masina ka raha miara-miakatra amin'i Jesoa isika dia miaramaty aminy amin'ny fahotana ka miara-mitsangana aminy. Niara-nitsangana aminy isika ka lasa olombaovao tamin'ny Paka. Nampianatra atsika i

Vakiteny I : *Asa 1, 1-11*

Salamo : *Sal. 46, 2-3. 6-7. 8-9*

Vakiteny II : *Efez. 1, 17-23*

Evanjely : *Mt.28, 16-20*

Jesoa tahaka ny nampianarany ireo mpianatra nandritra ny efapolo andro taoriany nitsanganan-ko velona izay nankalazaintsika ny Alahady voalohany Paka dia izy Kristy nandresy ny ratsy

hanatsara ny fiainantsika raha manaiky ny hiara-dàlana aminy isika satria mpiara-belona amintsika tokoa izy.

Ny alahady faharoa ny Paka Alahadin'ny famindram-po nampibaribary i Jesoa tamin'i Tomà ny maha mpiara-belona izy amintsika, mpamindra fo izy.

Ny Alahady fahatelo ny Paka dia nankalazantsika an'i Jesoa Làlana sy Fahamarinana : Nisehoan'i Jesoa sy niara-dàlana tamin'ireo mpianatra roa lahy avy any Jerosalema nankany Emaosy izy.

Ny Alahady fahaefatra ny Paka i Jesoa milaza amintsika fa izy no mpiandry ondry tsara izay manao soa ho atsika, manolotra ny ainy izy, manasa ny tongotsika izy, nanaiky ho mpanompo

Ny Alahady fahadimy ny Paka mampianatra atsika i Jesoa hoe : "Minoa an'Andriamanitra", izy no làlana ka tsy tokony ho very isika raha miaraka aminy satria izy rahateo no fahazavana manilo ny fiainantsika

Ny Alahady fahaenina Paka i Jesoa manambara fa hangataka amin'ny Ray izy ka omeny atsika ny Fanahy mpankahery, ny Fanahy mpanafaka alahelo, ny Fanahy mpanamasina atsika, amin'izay afaka hivelona ny fitondran-tena maha zanak'Andriamanitra isika ka ho tena kristianina.

Hitantsika àry fa mampianatra atsika tokoa i Kristy nandritra ireo efapolo andro taorian'ny fankalazana ny fitsanganan-ko velona izay mbola tohizana amin'izao fankalazana ny "ascension" izao.

Androany miara-mankalaza isika ny niakarany any an-danitra, ity fankalazana ity dia azo antsoina hoe fitsanganan-ko velona ihany koa izany hoe endrika isehoan'ny hafenoan'ny paka, tena mbola anatin'ny vanim-potoana ny paka isika.

Ny vakiteny amin'izao fankalazantsika ny fiakarana izao dia mampibaribary fa mpiara-belona amintsika tokoa i Jesoa. Manomboka amin'izao dia eo anivontsika tokoa izy ary ivom-piainantsika. Izany no antony nampanantenainy an'ireo mpianany raha nilaza hoe rehefa lasa aho ka hidinan'ny Fanahy masina ianareo dia ho vavolombeloko hatrany amparavazantany.

I Jesoa mpiara-belona dia tsy iza fa isika feno Fanahy masina, kristianina isika izany hoe Kristy velona amin'izao andro iainantsika izao ary izany no alalinintsika mandritra ny mandavan-taona. Rehefa ao amintsika tokoa ny Fanahy masina noho ny batemy noraisintsika sy ny fanavaozana ny toky tamin'ny batemy ataontsika dia isika izany no Jesoa mpiara-belona amin'ireo manodidina atsika. Tsy miandry hoe aiza i Jesoa, aiza no hahitantsika an'i Jesoa ? Eo anivontsika izy ka afaka mandresy zavatra maro isan-karazany isika fa indrindra ny ratsy raha miombona tanteraka amin'i Kristy, tahaka ny voalazany hoe "*Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety antany*" Raha ao aminy isika dia mijoro fa tsy hirefarefa amin'ny tany intsony, tsy fiainana revo ao anatin'ny fahotana intsony no lalovantsika. Marina fa olombelona isika mandia tany ka mety hisolafaka, miloloha lanitra ka mety ho lena nefa olombelona nohavaozin'ny Fanahy masina ka fiainana maha zanank'Andriamanitra no tanterahintsika.

Maniraka atsika i Jesoa Kristy androany amin'izao fankalazantsika ny fiakarana izao satria feno ny Fanahiny isika. Kristianina isika ka milaza amintsika izy hoe : "*koa mandehana ianareo, mampianara ny firenena rehetra, manaova Batemy azy amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina; ampianaro izy hitandrina ny zavatra rehetra nandidiako anareo. Ary indro Aho eo aminareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny faran'izao tontolo izao*". Hanavao ny fiainany ireo manodidina atsika raha mahita ny fiainantsika Kristianina, izany no antenaintsika amin'izao taona fandalinam-pinoana izao, i Jesoa mpiara-belona amintsika.

Dingana vaovao izany no ataontsika manomboka izao, nohalalinintsika nanomboka tamin'ny vanim-potoan'ny "Avent", ny vanim-potoan'ny karemy sy Paka fa i Kristy mpiara-belona amintsika. Ka amin'izao taonjanto iainantsika izao, taona 2017 izao, noho ny fandalinam-pinoana, noho ny fandraisantsika ny Fanahy masina dia ISIKA HIRAHINA EO ANIVON'NY FIARAHAMONINA SY IZAO TONTOLO IZAO. Marina fa tsy anisan'izao tontolo izao isika fa MBA HO FAHAZAVANA SY HO FANASINA no nanirahana atsika eo anivon'izao tontolo izao.

Maniraka atsika i Jesoa "MANDEHANA ATAOVY TONGA MPIANATRO NY OLON-DREHETRA", tsy amin'ny alalan'ny herisetra na risoriso, na fitapitaka izany. Tandremo fa misy Jesoa piraty ka aoka isika tsy ho voafitaka ireny. Isika àry amin'ny alalan'ny fiainana Kristianina, amin'ny alalan'ny fahaizantsika mampitraotra ny finoana sy fiainana andavanandro dia ho fahazavana sy fanasina isika ka hahatonga an'ireo manodidina atsika koa handray an'i Kristy izany hoe hitandrina ny fampianaran'i Kristy dia tsy inona fa NY FIFANKATIAVANA TAHAKA NY NITIAVANY ATSIKA izay midika ny fanompona, ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny, handresy ny risoriso ka hampanjaka ny fihavanana. Tsy ho hisy intsony ny risoriso sy heristra manapotika ny fiarahamonina, ho lasa "chapelle" ny famindram-po isika ka manatanteraka ny irak'i Jesoa "Ataovy ho mpianatro ny olon-drehetra". Tsy misy havakavaka ny finoana fa natao ho an'ny olona rehetra. Izany i Kristy, izany koa isika Kristianina ka handray ny olona rehetra, tsy hanavakavaka fa ho olo araiky. Sambatra isika fa mahatsapa ho olo araiky ao amin'i Kristy isika.

Ahoana ary no anatanterahana an'izany satria sarotra ny fiainana sy ny fijoroana ho vavolombelona ? mety mitondra amin'ny aina izany.

"Indro aho eo aminareo mandrakariva mandampahatongan'ny faran'izao tontolo izao" hoy i Kristy nanambara tamin'ireo Apôstôly sy ho antsika koa.

Aza matahotra isika fa i Kristy miombona amintsika amin'izany, izy nandresy ny fahafatesana no eo anivontsika ka afaka mandresy an'izany rehetra izany isika. Manamafay izany i Md Paoly : "*Naharihariny tao amin'i Kristy izany heriny izany, tamin'ny nananganany Azy ho velona, sy nametrahany Azy teo ankavanany any an-danitra, ambony lavitra noho ny fiandrianana rehetra, ny fifehezana rehetra, ny fanjakana rehetra, ary ny anarana rehetra azo tononina, tsy amin'izao fiainana izao ihany, fa amin'ny fiainana ho avy koa, fa napetrany eo an-tongony ny zavatra rehetra, ary nataony filohany ambony indrindra izy amin'ny Eglizy, izay tenany famenon'izy mpameno tena an-davany sy an-tsakany amin'ny rantsam-batany rehetra.*"

Raha fintinina izany rehetra izany dia ao amin'i Kristy no fanantenantsika, izany ny vokatr'izao fankalazantsika izao hafaliana, finoana ary fanantenana izao.

Mety matahotra isika miatriaka ny zavatra rehetra satria toa mandresy izao rehetra izao, fa i Kristy mankahery atsika tahaka ny nankaherezany ireo Apôstôly, an'i Lucien Botovasoa ka tena afaka mijoro ho vavolombelona isika.

Aoka isika hahay hanararaotra an'izao taonan'ny fandalinam-pinona izao. Nohalalinintsika i Jesoa mpiara-belona amintsika, velona ny finoantsika ankehitriny ka enga anie mba hiroso bebe kokoa amin'ny lalindalina isika amin'ny fiainana ny finoantsika ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro ka isika izao no Jesoa mpiara-belona amin'ireo manodidina atsika, aoka àry ho entanin'ny FANAHY MASINA isika.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, enga anie ny fankalazanay an'izao fiakarana izao ho feno hafaliana tokoa izahay, ho feno fanantenana ka hiroso lalindalina kokoa amin'ny fiainana maha zanak'Andriamanitra anay. Ianao zokinay anie hanampy anay mba ho velona tokoa eo anivonay ianao ary entanin'izany izahay dia mba hiaraka hiombona amin'ny asa fanitarana ny fanjakan'Andriamanitra araka ny fanirahana ataonao anay androany ka ny fianananay mba ho fahazavana sy fanasina ho an'ireo manodidina anay, izahay mba ho Jesoa mpiara-belona amin'ireo manodidina anay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson